

Izy, ary hoy izy taminy: Jereo ny madinikareo.”

“Ary raha njery izy ireo mba hitazana, dia nanandratra ny masonry hankany an-danitra izy ireo, ary nahita ny lanitra nisokatra sy nahita anjely nidina avy tany an-danitra miova tsy ny teo afovoan’ny afo; ary nidina ireny sy nannodidina ireo ankizy madinika ireo; ary nohodidin’ny afo ireo; ary ny anjely dia nanompo azy ireo” (3 Nefia 17:23–24).

Ahoana no ahafahan’ny zanantsika miaina fitahiana toy izany ankehitriny? Ny Loholona M. Russell Ballard dia ni-laza hoe “Mazava fa ireo amintsika izay nampandraiketina ankizy sarobidy dia nomena adidy masina sy lehibe, satria isika no notendren’Andriamanitra hanodidina ireo ankizy ireo ankehitriny amin’ny ftiavana sy ny afon’ny finoana ary ny fahatakarana hoe iza izy ireo” (“Behold Your Little Ones,” *Tambuli*, Oct. 1994, 40).

Ry rahalahy sy rahavavy, isika no anjely izay nalefan’ny Ray any an-danitra ankehitriny mba hitahy ny ankizy ary afaka manampy azy ireo isika mba hahita indray andro any ny tavan’ny Mpamony rehefa mampianatra ny fitsipiky ny filazantsara isika sy mamenno ny tokantranantsika amin’ny fifaliana avy amin’ny fiafianana azy ireo. Vitantsika ny miaraka mahafantatra Azy. Afaka mahatsapa ny ftiavany sy ny fitahiany isika. Ary amin’ny alalany dia afaka miverina eo anatrehan’ny Ray isika. Manao izany isika rehefa vonona ny hankato sy hahatoky ary hazoto amin’ny fanarahana ny fampianaranany.

“Toy izao marina tokoa no lazain’ny Tompo: izao no hitranga fa ny olona tsirairay, izay mahafoy ny fahotany ka manatona Ahy ary miantso ny anarako sy Mankato ny feoko ary mitandrina ny didiko, dia hahita ny tavako ary hahafantatra fa Izy aho” (F&F 93:1).

Ry rahalahy sy rahavavy, fantattro fa velona Andriamanitra, ary i Jesoa Kristy dia Zanany, ilay Mpamony sy Mpanavotra antsika. Nanasa antsika hankany Aminty Izy ary nandidy antsika hitondra ny zanantsika mba hahafantsika miaraka mahita ny tavany ary miaina mandrakizay miaraka Aminty. Ny vavaka ataoko dia ny ahafahantsika miasa daholo mba handraisana izany fitahiana lehibe izany, amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■



Nataon’ny Loholona Quentin L. Cook

Ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo


## Manaraka an’i Jesoa Kristy Isika

*Mifaly tamin’ny zavatra rehetra nataon’ny Mpamony isika. Nataony izay abafabantsika tsirairay avy bahazo ny famonjena sy ny fisandratana ho an’ny tenantsika.*

**A**ndraikitra goavana tokoa ny hanao latateny amin’ity Alahadim’ny Paska ity ho an’ny Olomasina manerana an’izao tontolo izao izay tia ny Tompo sy ny Mpamony antsika, Jesoa Kristy. Mankalaza ny Fandreseny ny fahafatesana isika izao maraina izao. Mankasitraka ny fahatakarana sy ny fahatsapana ao am-po ilay sorompanavotana nataon’ny Mpamony an-tsitraro ho antsika isika. Ny fanekeny ny sitrapon’ny Rainy no nahazoany ny fandresena masina tamin’ny fahafatesana ary zava-nitranga tena lehibe teo amin’ny tantaran’ny zanak’olombelona izany. Feno fankasitrahana aho noho ity fahafahako miresaka mikasika ny fanarahana ny Mpamony ity.

Ny andro roa farany tao anatin’ny asa fanompoan’ny Mpamony tety

an-tany talohan’ny nanomboana Azy dia manan-danja lehibe, ary toa tsy takatry ny saina aza. Ny zava-dehibe rehetra ho an’ny anjarantsika mandrakizay dia nitranga tamin’ny Alakamisy ary avy eo ny Zoma, ilay andro izay nanomboana ny Tompo. Ilay Fanasana Farany, fanasana amin’ny Andro Firavoroana, izay “... fankalazana ny fahafahana an’i Isiraely tamin’ny fanandevozana” dia niantomboka ny Alakamisy hariva.<sup>1</sup> Nampahafantarina nandritra ny Fanasana Farany ireo ôrdônansy sy fotopampianarana manana ny lanjany lehibe. Hilaza ny telo amin’izy ireo fotsiny aho. Voalohany, nampiorina ny ôrdônansin’ny Fanasan’ny Tompo ny Mpamony. Nandray ny mofo izy, novakiany izany, ka nisaotra izy, ary natolony ny Mpianany izany sady nilaza izy hoe: “Ity no tenako izay omena ho anareo; izao no ataovinareo ho fahatsiarovana Ahy.”<sup>2</sup> Toy izany no fomba nampiorenany ny Fanasan’ny Tompo. Faharoa, ny zavatra tena namafisiny indrindra dia ireo fotopampianarana mampianatra momba ny ftiavana izay fitsipika faran’ny ambony indrindra. Nampianatra Izy fa, “Izany no hahafantarany olona rehetra fa mpianatro ianareo, raha mifankatia.”<sup>3</sup> Fahatelo, tamin’ny alalan’ny fanalalanana na





fitarihan'i Kristy, "no nampanantenana ny Fanahy Masina an'ireo apôstôly" ho mpampionona hafa azy ireo.<sup>4</sup>

Notanterahan'ny Mpamony avy eo ny Sorompanavotana. Nentiny teny Aminy ny "vesatry ny fahotan'ny olombelona" ary "ireo zava-doza . . . entin'i Satana mba hampijaliana."<sup>5</sup> Tao anatin'izany toe-javatra izany dia niaritra ilay fitsarana nomankomanina antsokosoko Izy ary ireo zava-niseho nahlatsiravina izay nitondra tany amin'ny Fanomboana Azy. Farany dia nitondra tany amin'ilay Fitsanganan'i Kristy tamim-pandresena tamin'ny maty izany ny Alahadin'ny Paska. Nahatanteraka ny iraka masina nampanaovina Azy ho Mpamony sy Mpanavotra i Kristy. Histsangana amin'ny maty isika ary hikambana amin'ny fanahintsika indray ny vatantsika. Miankina amin'ny fahamendrehan'ny tenantsika tsirairay avy no ahafahantsika manana ilay fahafahana lehibe hiverina eo anatrehan'Andriamanitra indray amin'ny alalan'ny fahasoavany.<sup>6</sup>

Ny Mpaminany Joseph Smith, raha niresaka mikasika ireo zava-nitranga nandritra ny Paska dia nilaza hoe: Ny fitsipika fototry ny fivavahantsika dia ny tenivavolobelon'ireo Apôstôly sy Mpaminany, mikasika an'i Jesoa Kristy, fa maty Izy, nalevina, ary nitsangana indray tamin'ny andro fahatelo, ary niakatra any an-danitra; ary ny zavadrehetra hafa mahakasika ny fivavahantsika dia fanampin'izany fotsiny ihany.<sup>7</sup>

Raha mifaly amin'ilay zava-nitranga manan-danja lehibe tao Getsemane sy Kalvary isika, dia amin'ny Tompo izay efa nitsangana tamin'ny maty hantrany ny fifantohantsika. Nijoro ho

vavolobelona i Frederic Farrar, mpanandalina fivavahana sy mpino Anglisy iray, fa ireo taranaka mpino efa taloha be tany tao amin'ny Fianganana Kristianina tamin'ny taonjato roa voalohany dia nankalaza ny Mpamony amin'ny maha "Kristy Nitsangana tamin'ny maty Azy, sy amin'ny maha ilay Mandrakizay ary feno Voinahitra Azy" ary "mahita Azy, tsy eo amin'ny Hazo Fijaliana, fa kosa eo amin'ny Seza fiandrianana."<sup>8</sup>

Nampianatra ny Filoha Gordon B. Hinckley fa ny hafatra entintsika ho an'izao tontolo izao dia hoe velona Izy! Ny tandindon'i Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia hita taratra eo amin'ny fanehoantsika amin'ny fomba manan-danja ny finoantsika sy ny fomba iainantsika ny filazantsara.<sup>9</sup>

Rehefa misaintsaina ny dikan'ny hoe Kristianina isika ankehitriny dia eritrereto ny zavatra hotakian'ilay lan'an'ny mpianatra amintsika amin'ireo lalana hodiavintsika amin'ny mahampanara-dia antsika. Manoro hevitra aho ny handinihantsika sy hanarahantsika araka ny tokony ho izy ny nataon'ny Mpamony nandritry ny andro roa farany teo amin'ny fainany an-tany.

Voalohany, saintsaino ny Fanasan'ny Tompo izay naorin'ny Mpamony. Fantatry ny Mpamony ny zavatra hitranga Aminy. Ilay iraka izay masina sy mifono sorompanavotana nialohavan'ny Ady tany An-danitra tany amin'ny fainana talohan'ny nahaterhana dia toa niantomboka tamin'izany takariva izany sy ny andro manaraka. Na dia fantany fa hitranga Aminy aza ny fitsarana ho ataon'ny Fahavalony, dia toa tsy nisy porofa na dia kely aza fa nanomana

fiarovan-tena tamin'izany fanendriken-drehana tsy mitombona izany izy. Ny fampiorenana ny ôrdônansy masina tamin'ny Mpianany kosa no nataon'ny Mpamony. Rehefa mandinika izany fotoana lehibe izany aho dia tohina tantekala. Ny Fivoriana Fanasan'ny Tompo no tena masina indrindra amin'ireo fivoriana ao am-piangonana. Taorian'ny Fitsanganany tamin'ny maty dia nanorina ny Fanasan'ny Tompo teo anivon'ny Nefita koa Izy.<sup>10</sup> Raha toa ka te-ho mpanara-dia Azy isika sy ho mpikamban'ny Fianganana manolo-tena dia tokony hahatsiaro sy hanaja ny Fasanan'ny Tompo. Manome fahafahana ho antsika tsirairay haneho ny fanolorantentsika hanaraka ny Mpamony amin'ny fo torotoro sy fanahy manenina izany, sy hibebaka sy ho tonga Olomasina amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Kristy.<sup>11</sup> Hanome antsika fahafahana haneho eo anatrehan'Andriamanitra koa ny Fasanan'ny Tompo fa hahatsiaro ny Zanakahiny sy hitandrina ny Didiny isika eo am-panavaozana ny fanekepihavanana izay nataontsika tamin'ny batisa.<sup>12</sup> Mampitombo ny fitiavantsika sy ny fankasitrantsika ny Ray sy ny Zanakahiny izany.

Nanamafy ny fitiavana sy ny firaiskina ihany koa ny Mpamony ary nilaza fa amin'izany no hahalalana fa mpanara-dia Azy isika raha toa ka mifankatia. Eo anatrehan'izany Sorompanavotana misy fiantraikany mandrakizay izay handeha ho atrehiny izany dia tena mitaky ny fankatoavantsika ny didy toa izany. Maneho ny fitiavantsika an'Andriamanitra isika rehefa mitandrina ny Didiny sy manompo ny Zanany. Tsy tena takatsika tanteraka ny Sorompanavotana, kanefa miezaka ny ho tia kokoa sy tsara fanahy kokoa isika eo amin'ny fainantsika na dia eo aza ny fizahan-toetra atrehintsika.

Ny andraikitra nasain'ny Mpamony nataon'ny Mpianany, dia ny hifankatia ary ny fomba mahery vaika nampianarany izany fitsipika izany nandritra ny Fasanana Farany dia iray amin'ireo zava-nitranga nanohina ny fo nefahafinaritra nandritra ireo andro farany tamin'ny Fainany tetra an-tany.

Tsy nampianatra kilasy iray tsotsotra fotsiny momba ny fomba fitondranta Izy. Fa eto dia ny Zanakahin'Andriamanitra no miangavy ny Apôstolin'y

sy ny mpianany rehetra izay mbola ho avy, hahatsiaro sy hanaraka ity ivon'ny Fampianarany ity. Ny fomba fifandraisantsika sy ny fihetsika ataontsika amintsika samy isika dia fomba entina handrefesana ny fanoloran-tenantsika hanaraka an'i Jesoa Kristy.

Rehefa mihaino ireo hafatra mandritra ity fihaonambe ity isika dia hahatsapa zavatra ao am-pontsika ary hanapa-kevitra sy hanolo tena ny hanao ny tsara kokoa. Kanefa amin'ny Alatsinainy maraina isika dia handeha hiverina hiasa, hianatra, hiara-hiaina miaraka amin'ireo mpifanolobodirindrina, sy ho eo anivon'izao tontolo izao izay mikorontana amin'ny ankapobeny. Raha takatsika izany fahatsapana izany dia tokony haneho fanajana isika eo amin'ny zavatra tenenintsika sy ny fifandraisantsika. Tena marina izany rehefa misy zavatra tsy ekentsika. Nampianatra ny Mpamony fa tokony ho tia ny fahavalontsika isika.<sup>13</sup> Manaraka izany torohevitra izany ny anka-maroan'ny mpikambana ato amintsika. Kanefa misy ihany ireo sasany izay manome lanja bebe kokoa ny fampibarbariana ny hatezerany sy miziriziry amin'ny heviny toy izay hanaraka ny fomba flainan'i Jesoa Kristy sy ny zavatra nampianariny. Manasa antsika tsirairay aho mba hahatakatra fa ny fanehoantsika fandavana no fomba entimandrefy raha toa ka manaraka na tsia ny Mpamony isika. Tsara ny mandà tsindraindray, saingy tsy mety ny fampisehoana toetra tsy mahalala fomba. Tsy ny heriseta sy fandrobana no fanehoana ny tsy fanekentsika. Raha toa ka mampiseho ftiavana sy fanajana isika na dia anatin'ny toe-javatra sarotra aza dia ho tonga bebe kokoa tahaka an'i Kristy.

Ny fampantanen'ny Mpamony ny Fanahy Masina tamin'ny Apôstôly dia manan-danja lehibe amin'ny fahatakanana ny anjara andraikitra faran'ny ambony izay hazonin'ny Fanahy Masina, mpikambana fahatelo ao amin'Ny Andriamanitra. Ny Fanahy Masina dia olo-na fanahy, ilay Mpananatra izay mijoro ho vavolombelon'ny Ray sy ny Zanany, sy manambara ny fahamarinan'ny zavadrehetra ary manamasina ireo izay nibebaka sy natao batisa. Antsoina hoe Fanahy Masin'ny Fampantanenana koa Izy, ary noho izany dia manamafy eo

anolano'Andriamanitra ireo fihetsika tsara atao, ary ireo ôrdônsy sy fane-kempihavanana ataontsika tsirairay avy.<sup>14</sup> Ireo izay nofehezina tamin'ny alalan'ny Fanahy Masin'ny Fampantanenana dia mandray izay rehetra ana-nan'ny Ray.<sup>15</sup>

Miaina ao anatin'ny tontolo be tabababa sy fifanolanana isika izay ahafaha-na mijery sy mihaino vaovao na mozika na koa zavatra tsy misy dikany isan'ora. Raha toa ka te-hanana ny fitarihan'ny Fanahy Masina isika dia tokony hitady fotoana hakana aina kely, hisaintsaina-na, hivavahana ary hiainana mba hahatonga antsika ho mendrika handray sy hanatanteraka zavatra nobitsihany. Ha-hasoroka ireo fahadioana lehibe isika raha manaraka ny fampitandremany. Tombotsoa manokana ho antsika mpi-kambana ny mandray fahazavana sy fahalalana avy Aminy mandrapitataovo-vonan'ny andro.<sup>16</sup>

Ilay sorompanavotana nataon'ny Mpamony tao Getsemane sy teo amin'ny hazo fijaliana dia ohatra lehibe ho antsika. Niaritra fijaliana ara-tsaina, ara-batana ary ara-panahy izay tsy takatry ny saintsika Izy. Tao amin'ny saha no nivavahany tamin'ny Ray nanao hoe: "Raiko ô, raha azo atao, dia aoka hoesorina amiko ity kapoaka ity; nefá aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao."<sup>17</sup> Amin'ny maha-mpanaradia Azy antsika dia hisy ireo fotoana hitsapana sy hanenjehana ary hanesoeseoana antsika tsy ara-drariny sy hiatrehantsika ny fitsapana ara-batana sy arapanahy izay ho heverintsika fa tsy ho zakantsika, ary hizakantsika ny kapoaka mangidy izay hangatahantsika ny hanalana izany amintsika. Tsy misy na dia

iray aza tsy ho tratran'izany.

Miomana amin'ny Fiavian'ny Mpamony Fanindroany isika. Milaza mazava ny soratra masina fa tsy misy mahafantatra ny fotoana hitrangan'izany. Ny soratra masina dia tena milaza amintsika fa amin'ny andro farany dia hiatrika "horohorontany, amin'ny toerana maro"<sup>18</sup> ary ireo "onjan-dranomasina miantoraka any ankoatry ny morony"<sup>19</sup> isika ankoatry ny ka-poaka mangidy hozakaintsika.

Vao haingana no nitranga tany amin'ny toerana maro toy ny tany Chili, Haiti ary ireo Nosy Pasifika ny horohorontany sy tafofo-dranomasina mahery sy avo nandravarava. Herinandro vitsivitsy lasa izay izaho sy ny Eveka Mpiah H. David Burton, ary ny Loholona Tad R. Callister dia nanana fahafhana nihaona tamin'ireo Olomasina izay nana olona maty tao amin'ny fianakaviany vokatry ny tafofo-dranomasina mahery sy avo izay nahazo ny morony atsinanan'i Samoa tamin'ny Septembre lasa teo. Hipoka tanteraka ilay trano fivoran'ny Fanasan'ny Tompo ary nam-pihetsi-po tokoa ilay fotoana. Afaka nanome toky ireto mpikambana mendrika ireto izahay fa vokatry ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, dia ho afaka ny hiaraka amin'ireo olon-tiany izay nisaraka taminy indray izy ireo.

Teo am-pitondrana fiara ny filohan'ny tsatôka, Sonny Purcell, no nahita ilay onja avo be izay tamy avy teny an-dranomasina mbola lavidavitra. Nampanenoiny ny kilaksônan'ny fiaran'y ary nosakanany ireo ankizy teny an-dalana handeha hianatra ka nasainy nihazakazaka hamonjy toerana avoavo kokoa sy azo antoka arak'izay vitany. Nanaraka ny torolalany ireo ankizy. Nanohy namily haingana dia haingana izy, naka ny zanany vavy efa-taona dia nampiditra azy tao anaty fiara, ary niezaka nandeha tany amin-dreniny. Mbola tsy tonga tany amin-dreniny izy dia nofaohan'ny rindrindrano ny fiaran'y ary natsipin'izany teny amin'ny 91 metatra lavitra ka tafapetraka tambo-nin'ny hazo iray. Nihazakazaka niaro ny zanany vavy teo ambonin'ny fiara izy ary avy eo dia nilomano hamonjy ny reniny izay nihazona mafy teo amin'ny sampan-kazo iray hafa akaikin'ny tranon-dry zareo. Niezaka mafy nilo-mano niaraka taminy izy hamonjy ilay





fiara sy hiarovan-tena. Tsy dia betsaka no tsara vintana tahak'izany. Tsy nam-potoana hamonjena toerana avoavo kokoa izy ireo mba hahazoana fiarovana. Maro ireo namoy ny ainy, indrindra ireo zazakely sy ireo zokiolona.

Nolazainay ireo fianakaviana Samoana fa naneho ny fitiavany sy ny fiahiany ary nivavaka ho azy ireo ny mpikambana rehetra manerana an'izao tontolo izao ary nandray anjara tamin'ny fano-mezan'ny fifandian-kanina sy ny fampiana ny sahirana ho an'ireo mpikambana sy ireo mpifanolobodirindrina aminy. Mitovy amin'izany koa ny natao ho an'ireo mpikambana sy ireo mpifanolobodirindrina amin'izy ireo tany Chili sy Haiti. Manao izany isika satria manaraka an'i Jesoa Kristy.

Niseho niharihary teo amin'ireo fianakaviana Samoana rehefa nihaona tamin'izy ireo izahay ny lanjan'ny dikan'ny fiakarana ambonimbony kokoa ara-panahy sy fananana fainana tsartsara kokoa ary ny fifikirana mafy amin'ireo ôrdônansin'ny famonjena. Ny ohatry ny Mpamony sy ny fainany dia mampianatra antsika mba hisoroka ny lalana ambany eo amin'ny lafiny arapanahy izay hibahanan'ny zavatr'izao tontolo izao. Teo am-pandraisana ny tanan'ireo mpikambana taorian'ny fivoriana aho dia nisy rahavavy iray nilaza tamiko fa mbola tsy tany amin'ny tempoly ny fianakaviany kanefa namoy ny zanakavaviny iray izy ireo. Sady nirotsaka ny ranomasonry no nilaza izy fa ankehitriny ny tanjony dia ny hanomana ny tenan'izy ireo amin'ny

ôrdônansy masin'ny tempoly mba ha-hafahany hiaraka mandrakizay.

Rehefa nisaintsaina ny zavatra nolazain'izany rahavavy izany aho sy nandnika ny zava-mitrianga eto amin'izao tontolo izao ankehitriny dia nahatsapa fahamehana aho hanome anareo tsirairay avy torolalana hikatsaka toerana avo kokoa—dia ny toeram-pialofana sy fiarovana mandrakizay atolotry ny tempoly.

Tamin'ny Alahadin'ny Paska, 3 April 1836, herinandro taorian'ny nanokanana ny Tempolin'i Kirtland, dia nikarakara ny fizarana ny Fasan'sny Tompo ho an'ny mpikambana ny Roambinifololahy. Taorian'ny fivoriana nivawahana mangina sy maharitra, dia niseho tamim-boninahitra tamin'ny Mpaminany Joseph sy Oliver Cowdery ny Mpamony ary tamin'ny alalan'i Mosesy, Elia, sy Elijà no name-renany ireo fanalahidin'ny fisoronana fanampiny ary isan'izany ny fahefana masin'ny famehezana izay mampiray ny fianakaviana hatramin'ny mandrakizay.<sup>20</sup>

Ankehitriny amin'ity marainan'ny Paska ity, dia mifaly tamin'ny zavatra rehetra nataon'ny Mpamony isika. Nataony izay ahafantsika tsirairay avy hahazo ny famonjena sy ny fisandratana ho an'ny tenantsika. Kanefa isika, tahaka ireo ankizy Samoana, dia tokony hihazakazaka arak'izay haingana vitantsika mankany amin'ny toerana avoavo kokoa izay natolony hahazoana fiarovana sy fiadanana.

Fomba iray hanaovantsika izany ny

fanarahantsika ny fampianaran'ny mpaminany velona, ny Filoha Thomas S. Monson. Izy dia ohatra tena tsara halain-tahaka amin'ny fanarahana ny Mpamony.

Amin'izao marainan'ny Paska be voninahitra izao, dia mibahana ato an-tsaike ireto teny sarobidy nosoratan'i Eliza R. Snow ireto, izay mpanompo mahatoky irain'ny Famerenana amin'ny laoniny.

*"Endrey voninahitra be,  
Fanavotana re.  
Fitiavana, famindram-po,  
No tafaraka soa!"<sup>21</sup>*

Mizara ny fijoroako ho vavolombe-lona amin'ny maha-apôstôly ahy aho fa velona i Jesoa Kristy ary Izy no Mpamony sy Mpanavotra an'izao tontolo izao. Nanome ilay lalana man-kany amin'ny fahasambarana marina Izy. Izany no ijoroako ho vavolombe-lona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. James E. Talmage, *Jesus the Christ*, boky nivoaka faha-3 (1916), 594.
2. Lioka 22:19.
3. Jereo Jaona 13:34–35.
4. James E. Talmage, *Jesus the Christ*, 603; jeroe koa Jaona 14:16–17.
5. James E. Talmage, *Jesus the Christ*, 613.
6. Jereo 2 Nefia 9:6–24
7. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 49; jeroe koa Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:22–25.
8. Frederic W. Farrar, *The Life of Lives—Further Studies in the Life of Christ* (1900), p. 209.
9. Jereo Gordon B. Hinckley, "This Glorious Easter Morn," *Ensign*, Mey 1996, 65–67 sy Gordon B. Hinckley, "The Symbol of Our Faith," *Liabona*, Apr 2005, 2–6.
10. Jereo 3 Nefia 18: 1–11.
11. Jereo Môsiâ 3:19.
12. Môsiâ 18:8–10; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37,77–79.
13. Jereo Matio 5:44.
14. Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:7.
15. Jereo Romana 8:16–17; Efesiana 1: 13–14; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76: 51–60.
16. Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:24.
17. Matio 26:39.
18. Matio 24:7, Dikan-tenin'i Joseph Smith—Matio 1:29.
19. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:90.
20. Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110.
21. "Endrey fahendrena, fitia" *Fibirana sy ny Hir'an'ny Ankizy*, p. 37.